

6 jiona 2010  
24 Sivan 5770.

## Ny fanamasinana: Iza no hanatanteraka izany?

*"Manamasina azy amin'ny fahamarinana, ny Teninao no fahamarinana" (Jaona17:17) " Ny fahamarinanao dia fahamarinana mandrakizay, Ary marina ny lalànao." (Salamo 119: 142)*

Misy foto-kevitra diso mikasika ny fanamasinana manjaka ao amin'ireo fihetsehana ara-pivavahana ankehitriny. Izany foto-kevitra diso izany sady mampidi-doza dia mahazo fandraisana makotrokotroka ka dia raisinay ho adidy ny mampahafantatra ny maro ny fampianaran'ny Soratra Masina mikasika izany.

Ny tena fanamasinana dia foto-kevitra ara-baiboly. Hoy ny Apostoly Paoly tamin'ny Tesalonianina: *" Fa izao no sitrapon'Andriamanitra, dia ny hanamasinana anareo"* Ary nampiany hoe *"Ary Andriamanitra ny fiadanana anie hahasina anareo"* (1 Tes. 4:3 ; 5:23). Ampianarin 'ny Baiboly mazava ny momba ny fahamasinana sy ny fomba hahatongavana amin'izany.. Raha nivavaka ho an'ny mpianany ny Mpamonjy dia hoy Izy *"Manamasina azy amin'ny fahamarinana, ny Teninao no fahamarinana"* (Jaona17:17); ankoatr'izany ny apostoly dia nilaza fa isika dia *"hamasinin'ny Fanahy Masina"* (Romana15:16). Mikasika ny asan'ny Fanahy Masina dia nanao izao fanambaràna izao Jesosy: *"Fa raha tonga ny Fanahin'ny fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo ho amin'ny marina rehetra;"* (Jaona16:13). Mifanaraka amin'ny filazan'ny mpanao Salamo hoe *"Fahamarinana ny lalànao" izany.* Noho izany dia ny Fanahy sy ny Tenin'Andriamanitra no mampahafantatra antsika ny foto-kevitra lehiben'ny fahamarinana ao anatin'ny lalàny. Koa satria ny lalàna dia masina, marina ary tsara , io no fanehoana antsoatra ny fahatanterahan'Andriamanitra; ny toetra amam-panahy nobeazina ho amin'ny fankatoavana io lalàna io dia masina.. Jesosy Kristy dia ohatra tanteraka nanana io toe-panahy io :*"Nitàndrina ny didin'ny Raiko aho "hoy Izy "Tsy manao afatsy izay mahafinaritra Azy Aho"* (Jaona15:10; 8:29) . Tokony hanahaka Azy ny mpianany, izany hoe manana toetra mifanaraka amin'ny fitsipiky ny Lalàna Masiny noho ny fahasoavan'Andriamanitra. Izany no fahamasinana araka ny Soratra Masina...

**Ny finoana an'i Jesosy Kristy sy ny herin'ny Fanahy Masina mitoetra ao am-po ihany no hanatanterahana izany.** Manao izao fampaherezana ho an'ny mpino izao ny Apostoly Paoly.: *" miasà amin'ny tahotra ny ny hovitra hahatanteraka ny famonjena anareo. Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony. "* (Fil. 4: 12,13). Mahafantatra ny fisintonan'ny fahotàna ny kristianina ka miady mandrakariva aminy izy. Noho ny vonjy avy amin'ny Mpanavotra dia miaraka amin'ny fahalemen'olombelona ny herin'Andriamanitra ka mampihoraka ny mpino manao hoe: *"Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika."* (1Kor.15:57)

Asehon'ny Soratra Masina mazava fa mian-dalana ny asan'ny fanamasinana. Hoy ny Apostoly Petera mikasika ny dingana ho amin'izany: *"koa noho izany dia manaova izay zotom-po rehetra kosa ianareo, ka amin'ny finoanareo dia manehoa fahatanjahan-tsaina, ary amin'ny fahatanjahan-tsainareo dia fahalalana, ary amin'ny fahalalanareo dia fahononam-po, ary amin'ny fahononam-ponareo dia faharetana, ary amin'ny faharetanareo dia toe-panahy araka an'Andriamanitra, ary amin'ny toe-panahinareo araka an'Andriamanitra dia fitiavana ny rahalahy, ary amin'ny fitiavanareo ny rahalahy dia fitiavana ny olona rehetra....raha manao izany zavatra izany ianareo, dia tsy ho tafintohina akory mandrakizay;"* (2 Pet. 1:5-10)

Mampiseho fanahy manetry tena ireo izay manao fanandraman'ny fanamasinana araka ny Tenin'Andriamanitra. Manana fijery maranitra izy ireo tahaka an'i Mosesy izay nahita ny fahalebiazan'Andriamanitra ka nahatsapa ny tsy fahamendrehany lalina mihoatra ny fahadiovana sy fahatanterahan'ilay Fisiana Tsy manam-petra.

Ohatra iray tena izy ny mpaminany Daniela izay nanokana tanteraka ny fiainany ho amin'ny fanompoana ilay Mpampianatra. Nantsoin 'ny anjely ho ilay *" malala indrindra "* n'ny lanitra izy (Dan.10:11). Saingy tsy nihevitra azy ho masina sy madio io mpaminany hajaina io rehefa nitondra ny mpiray firenena aminy ambavaka eo anatrehan'Andriamanitra, ka tsy nanavaka ny tenany tamin'i Israely meloka fa *nanao hoe: "fa tsy amin'ny fahamarinanay no andoaranay ny fifonanay eto anatrehanao, fa amin'ny halehiben'ny indrafonao." ..."efa nanota izahay, efa nanao ratsy izahay. " Ary nampiany hoe: (niteny sy nivavaka sy niaiky ny fahotako mamin'ny fahotan'ny Israely fireneko aho )*( Daniela 9: 18,15,20)

Raha nahare ny feon'Andriamanitra tao amin'ny tafio-drivotra Joba dia nihoraka nanao hoe: *"Koa dia miaiky sy mibebaka Eto amin'ny vovoka sy ny lavenona aho. "* (Joba 42: 6). Raha nahatazana ny voninahitr'Andriamanitra ny mpaminany Izaia sy naheno ny kerobima mamerimberina hoe *"Masina, Masina,masina Jehovah Mpanjakan'ny maro "* dia nihikiaka izy nanao hoe: *"Lozako, very aho"* (Izaia 6: 3, 5)

Tsy ho feno avonavona na hilaza fa tsy manam-pahotàna mihitsy ireo izay mandeha eo ambany aloky ny hazo fijaliana tao Kalvary. Fantany fa ny tsy fankatoavan-dalàna nataony dia namijalijaly ny Zanak'Andriamanitra sy nahavaky ny fony ary io eritreritra io dia mihazona azy ho eo amin'ny fanetren-tena.

Ellen G. White *La tragédie des siècles* p 509 – 512

